

5 jiona 2010.  
23 Sivan 5770.

## Voavonjy ve aho?

**"Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo. "** ( 1 Kor.10:12)

Ny faharatsiana nahatonga an'i Petera lavo ( tamin'ny nandàvany an'i Kristy) dia mahavery olona maro koa ankehitriny. Tsy misy ohatran'ny fitenenan-dratsy atao amin' Andriamanitra sy zava-doza ho an'ny fanahin'ny olombelona tahaka ny fiavonavonana sy ny fahavitan-tena. Amin'ny fahotàna izay mandavo dia izy no tsy hananàna fanantenàna sy tsy misy fanafany indrindra.

Niandalana ny fahalavoan'i Petera. Nampisaina azy hoe efa voavonjy ny avonavony, ary nampandà azy tsikelikely ny mpampianatra azy. Aza matoky tena mihitsy na koa hoe tsy ho voafitaky ny fakam-panahy raha mbola eto an-tany eto. Tsy tokony hilaza na hino fa efa voavonjy ireo izay nandray ny Mpamonjy na dia tamin'ny fahatsora-po manao ahoana aza ny fiovam-pony.

Fiheverana mety hahavery io. Tokony hamboly ny fanantenàna famonjena ny tsirairay kanefa na dia manolo-tena ho an'i Kristy sy matoky aza isika fa ekeny dia tsy hoe tsy ho tratran'ny fakam-panahy. Iza no lazain'ny tenin'Andriamanitra:**"Maro no hodiovina sy hofotsiana ary hozahan-toetra; "** (Dan.12:10)

**"Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satro-boninahitra fiainana, izay nolazain'ny Tompo homena izay tia Azy. "** (Jakoba 1:12)

Mametraka ny tenany amin'ny fahatokisan-tena ireo izay manambara amin-kafanam-po fa efa voavonjy izy. Tsy mbola tena hitany ny fahalemeny sy ny filàny tsy ankiato ny hery avy any an-danitra. Tsy vonona hisedra ny tetik'ady maty paikan'i Satàna izy, ka rehefa tonga eo anatrehany ny fakam-panahy dia marobe no latsaka anaty hantsana tahaka an'i Petera. Iza ny fampitandremana izay nomena antsika: **" izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, "** (1 Kor.12:10). Ny hany fiarovana ho antsika ny manao fihaiakàna amin'ny tenantsika fa tsy hiankina afa-tsy amin'i Kristy isika. ([Christ's Object Lessons pp 154-155. *Les Paraboles de Jésus* p 128-129.)

Betsaka amin'ireo izay milaza ny tenany ho kristianina no tsy mety tonga amin'ny fahamatorana. Ekeny fa lavo ny olona, marefo ny herintsainy ary tsy manana fahafahana hanatsara ny toe-panahiny izy kanefa lazainy fa efa noraisin'i Kristy ny vesatry ny fanaintainana sy ny fandavan-tena rehetra ka dia zarany aza fa efa eo Aminy izany. Dia tsy misy afa-tsy ny mino ihany sisa hoy izy kanefa hoy Kristy:**"Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. "**(Matio 16:24). Nitandina ny didin'Andriamanitra Jesosy...

Tsy tokony hihevitra mihitsy isika fa efa afa-po ka tsy handroso intsony ary hilaza fa "efa voavonjy ".Raha kolokoloina io toe-tsaina io dia mihalefaka ny antony hiambenana, hivavahana, hiezahana hiakarana ambonimbony kokoa eo amin'ny fiainana kristianina. Raha tsy efa tafiditra ny vavahadin'ny tanàna masina ihany isika vao afaka mihoby fa voavonjy tokoa. Amin'izay dia rariny raha hanome voninahitra an'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry noho ny fanavotany mandrakizay. Raha mbola mahatsapa fa feno halemena ianao, tsy manana fahafahana hamonjy tena amin'ny

herinao manokana dia tsy tokony ho sahy hiteny hoe " Voavonjy aho" Tsy eo amin'ny fotoana hisalobohana ny fiarovan-tratra no hilaza isika fa efa nandresy! Mila miady

aloha ka mandrombaka ny fandresena. Izay maharitra hatramin'ny farany ihany no ho voavonjy. [Selected Messages, vol. 1 pp 313-315 – *Messages Choisis* p 367-369.]

Ellen G. White A New Life p 41-33

